## Ny Valosoa sy hadihady

## Fitondrana Rajoelina: tsy mampanara-dalàna

# Miiba lava ny fomba fandaminany

« Tsy mety ny fandaminana », io no hatrany ambentin-tenin-dresak'izay mahita ny filaharambe ataon'ny vahoaka eny amin'ny faritra maro an-drenivohitra, sy ny manodidina hatramin' izay nisian'ny fizarana vatsy sosialim-bahoaka izay. Anisan'ny nisongadina sy nampiteny ny moana ny zava-nitranga teny amin'ny kaomina Bemasoandro eny Atsimondrano tato anatin'izao roa andro lasa izao. Tapaka hatramin'ny lalana mihitsy aza indraindray, ary ny fitohanana manaraka ho azy eo. Ahoana ny amin'ny fiarovan-tenan'ny vahoaka amin'ny fihanaky ny valanaretina covid-19 ao anatin'ny filaharambe sy ny fifampikasohana ary ny fifanosehana? Dia Andriamanitra sisa no mahita sy mihevitra ny momba ny rehetra, fa sarotra ny zava-misy. Toa tsy misy mihevitra intsony ny amin'ny fahatahorana ny amin'ny valanaretina ny maro. Tsy tongatonga ho azy izany fiheverana izany.

**Fandaminana tsy mahomby**

Ity fitondrana ity no voalohany azo lazaina ho tsy manana fahaiza-mandamina amin'ny fizaran-javatra, indrindra ny sakafo ho an'ny vahoaka. Nisy fotoana nandalovan'ny firenena ao anaty krizy ara-tsakafo, nanomboka tamin'ny fotoana nitondran'ny capitaine de frigate Didier Ratsiraka tany amin'ny taoana 1982. Tsy nahomby ny fitantanan'ny fitondrana sosialista Malagasy tamin'izany ary tsy tafavoaka ny toekarena. Nijaly sy tena sahirana mafy ara-bary ny vahoaka Malagasy. Nisy ny fandaminana amin'ny fizaram-bary sy filaharana voalohany ho an'ny vahoaka teny anivon'ny fokontany rehetra, fa toa tsy nitranga toy ny tamin'ny ankehitriny izany. Ny ankehitriny tsy mandeha amin'izay laoniny ny fizarana eny anivon'ny fokontany sy kaomina. Tsy maintsy misy fisavorovoroana hatrany eny amin'izay tanàna isian'ny fizarana, ary nanomboka tamin'ny fizarana ny tambavin'ny fitondrana izany ary mandraka ankehitriny. Ny filaharana vao maraina mangiran-dratsy hatramin'ny hariva manontolo sy mitehin-ko alina mihitsy aza. Mazava loatra, fa mikorontana ny fiainam-bahoaka ao anatin'izany satria lany andro amin'ny filaharana, ary tsy fantatra na hahazo indray amin'iny andro iny na tsia. Efa nisy ny nody maina fa tsy nahazo tamin'ireo nozaraina hatramin'izay ireo. Harerahana, alahelo, hasorenana sy hatezerana no entina mody. Tsy misy manantena izany 15 andro izany, ary efa firy andro sahady izay no lasa. Tsy milamina sy tsy mahomby ny fandaminana ataon'ny fitondrana.

**Tsy voahaja ny sakana ara-pahasalamana**

Efa zary litania isan'andro vaky, hatramin'ny zaza mahay miteny no efa mahay ny amin'ny fepetra amin'ny sakana ara-pahasalamana (barrière sanitaire), tokony hataon'ny tsirairay raha vao mivoaka ny trano: arontava, fanasàna tànana ary ny elanelana iray metatra. Ity farany no tsy misy manàja intsony ary tsy voahaja intsony mihitsy ao anatin'ny fotoana hizarana ny fanampiana ho an'ny vahoaka. Miendrika fihatsarambelatsihy ny hita atao eny an-kianja toy ny teny amin'ny kianjan'i Malacam na Antaninkatsaka na Alasora na tany amin'ny hafa, izay toy ny voahaja izany. Fa eo am-bavahady sy ivelan'ireny kianja rehetra ireny, fifanosehana tsy ifankahitana miampy ny tabataba sy korontana. Tsy izany ve no tena nafatrafarana mafy tamin'ny haino aman-jery rehetra fa mila manàja ny iray metatra? Inona no dikan'izay fiarovan-tena sy fanajàna fepetra raha ny tapak'andro maraina na iray andro manontolo mifampikasoka, mifanosona sy mifanositosika ery andalambe ery ilay vahoaka? Antananarivo anefa no ivon'ny fihanaky ny valanaretina covid-19 tato anatin'ny iray volana izao. Moa tsy tokony nandaniana ron-doha lalina ny fitadiavana vahaolana tsy hahatongavana amin'izao toe-javamisy manerana ny tanàna maro eto an-drenivohitra sy ny manodidina izao, manoloana ny valanaretina? Tsy mahavita izany anefa ilay fitondrana Rajoelina hita miharihary mazava izany izao.

Mety hihevitra fa hanakaiky ny vahoaka kokoa ny fahatongavan'i Andry Rajoelina miresaka amin'ny vahoaka tezitra sy manahy mafy fa tsy hahazo fanampiana. Hadisoan-kevitra be mihitsy anefa izany, fa efa fitsaboana ny zava-misy sisa ireny, efa miseho ny olana, ary asa hanao ahoana ny hiafaràny? Efa tsy fahaizana manao zavatra mihitsy no hitan'ny vahoaka maso satria tsy indray mandeha na indroa intsony no mitranga ny tsy fahombiazana amin'ny fandaminana, ary efa ho lava izy ity. Raha tsy nihetsika toy ireny aza ny vahoaka nitabataba naneho ny tsy milamina eny aminy, angamba ho lasa lavitra ny fahalovana nitranga nataon'ireo "mpandoa-bary" akaikin'ny fitondrana.

**Sôh'son**

## NY TENY FIAINANA

*"Aoka ho mpamindra fo hianareo mba ho tahaka ny Rainareo, mpamindra fo."*

**Lioka 6:36**

CNAPS

## Mitsipaka ny fampisamboram-bola hataony ny Randrana Sendikaly

Eo amin'ny resaka fiahiana ara-sosialy, mitsipaka ny fampisamboram- bola kasain'ny mpitondra hatao ny sendikan'ny mpi-asa: Randrana sendikaly ao anivon'ity tahiry ity. Araka ny vaovao azo, ha-mpindrana vola 200.000 ka hatramin'ny 500.000 Ariary an'ireo mpiasa very asa, mpikambana, araka ny tinapaky ny filankevi-pitantanany afak'omaly ny CNAPS. Haverina tsikelikely manomboka amin'ny Janoary 2021 io vola io. Mitsipaka an'izany anefa ny Randrana Sendikaly, misy ny sendika SVS sy ny USAM, sendikan'ny mpiasa, izay tsy manaiky fampidirana trosa vaovao intsony, ka mitaky ny vola mba hatao fanomezana, izay tsy averina na onerana intsony.

**Stefa**



Ny CNAPS etsy Ampefiloha.

FITONDRANA RAJOELINA

## Mitarika ny tsy fanajàna ny fepetra ara-pahasalamana

Omen-tsiny ve ny vahoaka raha toa ka tsy miraika sy tsy manàja ny fepetra iadiana amin'ny fihanaky ny valanaretina coronavirus ? Tsy mifanaraka amin' ny fanentanana ataon'ny tomponandraikitra amin' ny vahoaka ny fihetsika fampiharana ataony eny ifotony. Mbola hihevitra ve ny fitondram-panjakana fa tena amin'ny faharesendahatra no ampiharan'ny vahoaka ireo fepetra eo amin'ny fiainany andavanandro eo ?



Mibanaka, raha izay no ilazana azy, ny zava-misy ao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana eto amin'ny firenena izao. Tsy hita soritra intsony izay itarafana fa ao anaty fihibohana ny firenena indrindra eto an-drenivohitra sy ny manodidina. Toy ny isan'andro ny fiainan'ny vahoaka, ny tsy misy fotsiny dia ny fitateram-bahoaka. Vao mainka nibaribary izany rehefa niditra tato anatin'ny andro maromaro nizarana ity lazaina ho "vatsy sosialimbahoaka" ity. Ary ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina mihitsy no nanokatra tamin'ny fomba ofisialy izany sy niseho isan'andro nitarika ny fizarana. Tonga maro be an'alin-kisa ny vahoaka noana. Izany soratra izany no arantin'izy ireo ho fanehoana izany. Tsy voahaja intsony ny fepetra napetraka. Mitangorona ny vahoaka, tonga marobe ihany koa ireo mpitandro filaminana mitazana sy miezaka mifehy azy ireo. Niseho niharihary izany teny Bemasoandro Itaosy. Nahita izany tsara ny filohan'ny Repoblika, fa tsy nahenoan-teny mikasika izany na kely aza. Nifangaro ny vahoaka sy ny zandary mitandro ny filaminana izay nandrava ny fitangoronana avy eo noho ny fahatapahan'ny làlana tanteraka. Ny ampitson'io mbola nitohy ny tsy fanajàna ny fepetra amin'ny elanelana, ary tsy ho voahaja velively raha ny hita ihany indray tany amin'ny toeran-kafa. Inona indray no mbola holazain'ny tomponandraikitra samihafa mpanentana ny vahoaka amin'ny fanajàna ny fepetra ara-pahasalamana? "Ny mpitondra ihany no mamory vahoaka ary tsy manàja ny fepetra rehetra", hoy ny Rodoben'ny mpanohitra RMDM. Notsiahivin'izy ireo araka izany ny andraikitra tokony horaisin' ny mpitondra sy ny mpitandro filaminana, fa hazoniny ho tompon'antoka amin'izay zava-mitranga eo ireo raha tsy manao izany.

Moa tsy ny fitondrana ihany no mitarika amin'ny tsy fanajàna ny lalàna, raha izao zava-misy izao? Avy eo lazaina ilay vahoaka fa hoe mafy loha sy maditra. Ailika any amin' izy ireo ny tsy fahaizana mitaiza sy mitondra vahoaka, kanefa ny mpitondra aloha no tokony hanome môdely tsara. Izay fiheverana sy fomba fiasan'ny fitondrana eo ihany no entin'ny vahoaka eo amin'ny fiainany andavanandro, fa tsy mamorona akory izy.

**Sôh'son**

## TONONKALO

# ILAINA NY MANGARAHARA

Izay olo-mitaky ny mangarahara
Ve dia kilasiana fa mpanakorontana ?
Amboary ny saina mba hadio tsara.
Aza mora sendaotra , manao valy bontana.

Ambara fa zonay ny manadihady
Izay tena fandehan`ireo fanampiana,
Kanefa nahoana no toa mila ady,
Manao izay hisian`ny fifandrafiana ?

Tsy `nareo ihany va re no niteny
Fa hoe tena ilaina ny mangarahara ?
Sa teny manidina fotsiny ireny,
Fanaon`ny tsy marina sy ny mapara ?

Dia tena kendaina ireo sahy manakiana,
Satria ao anatin`ilay fahamehana ?
Mieritrereta fa sao dia variana
Manenjika ireo tsy mitovy firehana .

**TSIMIMALO (28-07-20)**

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) Dokam-barotra Tel. 034 79 076 00